Tratry ny mosavin'angatra kokolampy : rava harena sy saika maty ilay ramatoa 6


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 28 jona 2018 Laharana 781 Vidiny : 400 Ar


Amosa 3: 7 5

Faminaniana sy fanambarana ho an' izao tontolo izao


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


## Fitaterana 2

# Nahomby ny fitokonan'ny mpitatitra



## Mondial 2018 4

# Ireo fandaharan-dalao amin'ny 1/8-dalana



VONDROMBAVAKA BORIBORITANY 6 5

### Notoloran'ny ben'ny tanàna fanomezana noho ny fetim-pirenena



Kianjan'ny 13 mey 2

### Filaharambe anio tolakandro

Asan-dahalo 3

### Nirefodrefotra indray ny basy tany Ikalamavony

Ambatondrazaka 6

### Nohatsaraina ny vaton-dRazaka

Daka kely

Tsy tafa nareo sy Zandry kely Raforce na hangalatra départ aza a !

FOKO-TIM Ambatomaro 3

### Nanome fanomezana ireo ankizy noho ny fetim-pirenena



Kianjan'ny 13 mey

# Filaharambe anio tolakandro

Mitohy hatrany ny tolona ataon'ny vahoaka miaraka amin'ireo depiote ho an'ny fanovàna, indrindra ny depiote voafidy tamin'ny alalan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), eo amin'ny kianjan'ny 13 mey na nivaly tamin'ny ampahany aza ny fitakiana tany amboalohany nahatonga ny hetsika . Izany dia noho ny resaka lalam-pifidianana natolotry ny governemanta natao amboletra nanilihana olona, ka nahatonga ny depiote 73 hitsipaka an'io, tonga hatrany amin'ny HCC ny fitoriana ka nahazoan'ireto farany fandresena goavana. Rehefa nitsangana ny governemantan'ny marimaritra iraisana araka ny didy navoakan'ny HCC dia nisintaka ny depiote Mapar . Maro no naneho ny heviny tamin'izany fa rehefa nahazo seza ny TGV/MAPAR dia lasa niridana tsy nanao fisaorana sy veloma ho an'ny mpitolona tao amin'ny 13 Mey akory, fa lasa niaraka amin'ny lehiben'ny mpanongam-panjakàna Andry Rajoelina manao propagandy mitety an'i Madagasikara. Ny antoko Tiako i Madagasikara izao no mbola miaraka amin'ny vahoaka mitolona ho an'ny fanovana tena izy. Maro no milaza fa efa tratra ny tanjona ho an'ny mpomba ny filoha Marc Ravalomanana : afaka milatsaka ho fidiana i Dada, misokatra ny MBS , afaka mihodina ny AAA , nefa dia mbola manohy ny tolona hatrany ny depiote TIAKO i MADAGASIKARA, satria mbola tsy tratra ny tanjona . Rehefa hanao fifidianana madio sy eken'ny rehetra eto Madagasikara dia mila miova hatrany amin' ny farany am- bany ka hatrany ambony ny CENI hoy ny depiote Mamy Rabenirina voafidy tao Ambohidratrimo , misy ny olona marobe mbola tsy tafiditra ao anaty lisitra , eo ny olana eo amin'ny biraom-pifidianana sns… hoy izy , ny governemanta mbola misy HVM mbola hilàna fanamboarana. Noho izany rehetra izany , mitohy ny tolona , koa anio alakamisy dia hisy ny filaharambe manomboka amin'ny 2 ora tolakandro ataon'ny vahoaka sy fikambanana maro samihafa , ireo antoko politika , sendika sns… hitondra sorabavety izay mampiavaka azy ny tsirairay amin'izany.

***Helisoa***

Fetin'ny fahaleovantena

# Naharitra 20 andro no nanamarihana izany tany Boeny

Roapolo andro teo no natokan'ny Prefektiora sy ny Faritra Boeny ary ny Kaomina renivohitr'i Mahajanga niaraka tamin'ny Komity mpanomana, nankalazana ny Fetim-pirenena 26 Jona 2018 tany Mahajanga. Diaben'ny fahafahana narahina Zumba no nanokafana izany nanomboka ny Zoma 08 Jona. Nandraisan'ireo mpiasa miankina na tsia, mpianatra sy fikambanana anjara, notarihin'ny Préfet sy ny Lehiben'ny faritra ary ny Ben'ny Tanà- nan'i Mahajanga. Tao anatin'izay roapolo andro izay ihany koa dia nisy ireo fifaninanana ara-panatanjahan-tena, kermesin'ny Foloalindahy, ny vavaka iraisam-pinoana kristiana ankilany ary silamo andaniny. Ny 25 jona maraina dia nisy fizarana mari-boninahitra ho an'ireo mpiasa isan-tsokajiny miisa 98 mianadahy tao amin'ny Tranoben'ny Kolontsainan'i Mahajanga. Notohizan'ny Lehiben'ny fa- ritra tamin'ny fizarana sakafo ho an'ireo voafonja ao Marofoto, ireo zazavavy tsy misy mpiahy tezaina ao amin'ny foibe FAWE Mahajanga ao Mangarivotra ary ireo zaza nania tezain'ny Fitsarana sy ny Akany Anjarasoa any Amborovy. Vary, lojy, hazan-drano, siramamy, ireo no natolotry ny Faritra Boeny tamin'izany. Ankoatra ireo dia nahazo anjara ta-min'ny fizarana nofon-kena mitam-pihavanana ihany koa ireo mpiasan'ny Faritra, natolotry ny Lehiben'ny faritra ny andron'io. Ny hariva dia nisy ny fampisehoana Mitabe nataon'ny mpianatra voafantina tao amin'ny Kianja Rabemananjara. Notohizana tamin'ny fizarana harendrina sy ny fanaovana "retraite aux flambeaux", niainga teo anoloan'ny Lapan'ny tanàna ary nizotra tany amin'ny Village touristique, eny amoron-dranomasina, toerana nanapoahana ny afomanga izay naharitra adiny iray teo. Matso lehibe ny maraina niarahan'ny Foloalindahy sy ny mpiasa, ny mpianatra sy ny fikambanana teo ary fampisehoana niarahana tamin'i Melky ny hariva, izay samy teo anoloan'ny Lapan'ny tanàna no nanakatonana ny fankala- zana ny fetin'ny faha-58 taonan'ny Fahaleovantena tany Mahajanga ny talata 26 Jona 2018.

***Isambilo***

Ambatondrazaka

# Niavaka ny antoko TIM tamin'ny fankalazana ny fetim-pirenena

Tao anatin'ny filaminana tanteraka no nankalazan'ny vahoakan' Ambatondrazaka sy ny manodidina ny fetim-pirenena. Naresaka ny renivohi-paritra Alaotra Mangoro nanomboka ny faha-25 jona tolak'andro, izay nitohy nandritry ny alina iray manontolo. Niavaka ny afomanga izay nampirenty ny habakabaka ary naharitra hatrany amin'ny ora iray. Teo ihany koa anefa ny podium izay nafanain'ireo tarika avy aty an-toerana ihany. Tsy vitsy ihany koa ny ray aman-dreny no nisafidy ny nampifaly an-janany tao amin'ny "La Place", izay nahitana ireo karazana kilalao natokana ho an'ny ankizy. Ny sosialin'ny mpiasan' ny kaominina no niandraikitra ny fikarakarana ity kilalaon'ny ankizy ity, izay nahavory olona betsaka tokoa. Azo lazaina fa isan'ny fetim-pirenena nahavory olona marobe tokoa raha iny indray mitoraka iny noho izy tafalatsaka tao anatin'ny fahatsaram-bokatra.

### Nafana ny fiatrehana ny matso

Vao maraina kosa dia efa vory lanona ny vahoaka namonjy ny kianja Rasolonjatovo izay toerana nanaovana ny matso ny andron'ny faha-26 jona. Tomefy olona tanteka ny kianja ary nanomboka ara-potoana ny lanonana ofisialy izay notarihin'ny Prefet-n'Ambatondrazaka Rakotondrasoa Daniel. Tonga niatrika izany ny Lehiben'ny faritra Alaotra Mangoro Ranarison Desiré sy ny Loholon'i Madagasikara Rabenony Ndrininiana sy ireo Solombavambahoaka roa voafidy tato anatin'ny diistrikan' Ambatondrazaka. Nialohan'ny lanonana rehetra dia nisy ny fanolorana mariboninahitra ho an'ireo izay voafantina fa nahavita be teto amin'ny firenena. Maromaro ihany izy ireo no nandray izany tamin'ity fetin'ny fahaleovantena ity. Niavaka ny matso tamin'ity indray mitoraka ity satria hita tao avokoa ireo karazana fikambanana sy antoko politika ary mazava loatra ireo orin'asa miankina na ny tsy miankina amin'ny fanjakana, ankoatra ny mpitandro filaminana toy ny tafika sy ny zandary ary ny polisim-pirenena sy ny mpiandry fonja izay tompon-draharaha mivantana tamin'ny fandravahana ny matso.

### Tsy tonga niatrika ny filaharana ny mpianatra avy amin'ny sekolim-panjakana



***Nahazo mari-boninahitra ny ben'ny tanànan' Ambatondrazaka nandritra ny fetim-pirenena.***

Nampametram-panontaniana ny rehetra niatrika ny matso kosa nandritra iny fety iny ny tsy nahitana na iray aza mpianatra avy amin'ny sekolim-panjakana nandray anjara tamin'ny matso. Izy ireo hatrany no hita ho maro an'isa indrindra hatramin'izay amin'ny fandraisana anjara mavitrika am- in'ny filaharana rehefa fetim-pirenena saingy nanjavona izany tamin'ity. Tonga maro kosa anefa ny mpanabe avy amin'ny sekolim-panjakana nanatanteraka ny adidin'izy ireo tamin'ny filaharana. Vokatr'izay tsy fahatongavan'ny mpianatra avy amin'ny sekolim-panjakana izay dia hita ho nalaky vita ny matso tao amin'ny kianja Rasolonjatovo. Tsapa araka izany ny fahabangana nandritra iny fety iny raha ny filaharana no resahana. Nandringa ny fahatongavan'ny mpianatry ny sekoly tsy miankina na dia hita ho maro aza ireo izay niezaka ny nandray anjara.

### Nisongadina ny fandraisan'anjaran'ny antoko TIM

Niavaka ny antoko TIM tamin'ny filaharana noho ny fahamaroan'ireo mpikambana tonga nandray anjara. Nirenty ny akanjo izay mampiavaka ny antoko misy ny sarin'ny FILOHA Ravalomanana Marc. An'ny Malagasy rehetra ny fetim-pirenena fa tsy an'ny antoko iray na an'olon-tokana ka rariny sy hitsiny raha hankalazana izany izahay ary ho fanehoana ny fitiavan-tanindrazana indrindra no nandraisana anjara mavitrika amin'izao filaharana izao hoy izy ireo. Tsapa teny amin'ny endriky ny mpilahatra raheteo ny fahavitrihana hiatrika ny raharaham-pirenena. Tsapan'ireo nanatrika ny mbola maha-antoko matanjaka ity antoko iray ity tamin'ny alalan'ireo mpikambana tonga marobe teny antoerana.

***Raoul***

## Ny Valosoa sy fakafaka

# Vitsy no nanangan-tsaina tamin'ny fetim-pirenena

Vita indray iny ny fankalazàna ny faha-58 taona nahazoan'i Madagasikara ny fahaleovantena, ny 26 jona 1960 . Tsy toy ny isantaona anefa ny fankalazàna ny fety tamin' ny Malagasy fa , hita taratra ny fahasiranana mahazo ny maro ankehitriny. Nitaraina ireo mpivarotra akoho amam-borona sendra ny mpanao gazety fa zara raha nahalafo ireo entana namidy teny an-tsena. Teny amin'ny arabe teto an-drenivohitra, tsy mba nahitana taratra ny maha fetim-pirenena azy fa nangina ohatra ireny andro alahady ireny, ny saina mitsangana amin'ireo trano zara fa misy , nefa efa natao totoafo ny fanentanana amin'ny haino amanjery. Ny zavatra hita aloha dia hatramin'ny 2009 nisian'ny fanonganam-panjakàna teto Madagasikara notarihin'i Andry Rajoelina dia niova ny fankalazàna ny fetin'ny 26 JONA raha ny resaka fananganan-tsaina . Tsy hita intsony ny soa toavina hoe fetim-pirenena ny 26 jona , ka mila manaja izany amin'ny fananganan-tsaina ny vahoaka . Lasa ny mifanohitra amin'izany no misy satria tezitra amin'ny mpitondra ireto farany dia tsy manangan-tsaina intsony . Amin'ny herintaona toy izao angamba vao hiverina amin'ny tena fankalazàna ny fetim-pirenena ny vahoaka Malagasy rehefa filoha voafidim-bahoaka araka ny safidiny marina no mitondra an'i Madagasikara.

***Helisoa***

Fitaterana

# Nahomby ny fitokonan'ny mpitatitra

Azo lazaina ho nahomby ny fitokonan'ny mpitatitra teto Antananarivo Renivohitra, sy ny manodidina ny Renivohitra omaly, noho ny hetsika nataon'ireo mpitatitra mivondrona ao amin'ny UCTU sy ny UCTS, na ny fikambanan'ireo mpitatitra an-tanàn-dehibe sy ny manodidina ny Renivohitra. Vitsy ihany ireo kaoperativa nitatitra olona dia ny zotra 109 sy ny 192 dia ireo zotra miaradia amin'ny mpitondra avy amin'ny antoko HVM ny mpitantana azy, fa amin'ny ankapobeny dia saika nanaraka ny toromariky ny UCTU sy ny UCTS avokoa ireo mpitatitra teto Antananarivo sy ny manodidina. Ny nampalahelo fotsiny dia sahirana kosa ireo mpanjifa omaly satria nandeha antongotra an-kilometatra maro vao tonga tany am-piasana. Na izany na tsy izany, tsy nanome tsiny ireo mpitatitra izy ireo satria fanatanjahantena vita ihany koa ilay nandeha an-tongotra ankilometatra maro izay. Fitakian'ireo mpitatitra dia handoavana ny fanampiana na subve ntion ho an'izy ireo satria niakatra ny vidin'ny solika, noho izany, tokony hisy ny vola avy amin'ny fanjakana hanampiana ny mpitatitra amin'ny fitazonan'izy ireo ny saran-dalana amin'izao fotoana izao io. Ankoatra ny tsy fahazoany io fanampiana io, niakatra ihany koa ny hetra samy hafa aloan'ireo mpitatitra, ny fanongan'ny vidin'ny solika manginy fotsiny, ny tale jeneralin'ny OMH anefa dia efa nanambara fa mbol misy 370 Ar tokony hasondotra ny vidin'ny solika eto amintsika io, izay vao tratra ny vidiny tena izy. Grevy hafa mbola mampihena ny fitiavan'ny olona ny fitondrana Rajaonarimampianina indray iny hetsiky ny mpitatitra omaly iny.

***Isambilo***



***Tsy nisy mihitsy ny taxi-be teo Analakely mandrapahariva ny andro omaly.***

FOKO-TIM AMBATOMARO

# Nanome fanomezana ireo ankizy noho ny fetim-pirenena

Toy ny fanaon'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ao amin'ny fokontany Ambatomaro boriboritany faha- 5, tarihin'ny biraon'ny Foko-Tim sy ny mpikambana ao amin'ny DIS-TIM boriboritany faha-5 Nina Rabetsialison, isaky ny fetin'ny Asaramanitra ny 26 jona dia nisy ny hetsika natao tao an-toerana nampifalifaliana ireo ankizy marobe. Nisy araka izany ny fifaninanana hazakazaka , dihy mirindra sy kilalao maro samihafa, ka nisy ny fanomezana loka ho an'izay nivoaka mpandresy tamin'izany. Ankoatra izay, nisy ny fanomezana harendrina , vatomamy , biscuit , macaroni , vary ho an'ireo ankizy miisa 200 noho ny fetin'ny Asaramanitra. Raha ny lafin'ny politika indray dia vonona Ambatomaro sy ny boriboritany faha 5 hoy Nina Rabetsialison hampandany ny filoha Marc Ravalomanana ho filohampirenena amin'ny fifidianana ho avy io. Tsy ho taitra amin'ny rano mandroatra izahay hoy izy amin'ireo mpifaninana efa manao propagandy manerana an'i Madagasikara fa tokana ny tanjona dia Dada filoha ihany.



***Helisoa***

Misokatra ny MBS

## Ho avy ihany koa ny Radio Mada 100.8 Mhz

Efa misokatra ny MBS ankehitriny. Ho avy ihany koa ny Radio Mada 100.8 Mhz satria ny On Air an'i Rolly Mercia sy ry Maurice Tsihiavonana no naka ny mari-drefin' ny Radio Mada teo aloha, ary efa niala tamin'io mari-drefy io izy ireo satria nangalatra. Nankaiza ihany koa ireo fitaovana marobe tamin'ny andron-dRavalo hoy ny olona satria ankoatry ny fitaovana nalaina ankeriny tamin'ireo haino aman-jery nakatona dia tsy fantatra na nankaiza daholo ireo fitaovana raitra tamin'izany fotoana izany? Mbola fanontaniana apetraky ny mpanjifa ihany koa ny hoe, iza no tena tompon'antoka tamin'ny fanaparitahana ireny fitaovana ireny ary iza avy ireo Radio sy televiziona nisokatra tamin'ny fitondrana Rajoelina sy Rajaonarimampianina. Mbola fanontaniana mipetraka ihany koa ny hoe, izay minisitra teo ve dia zatra mpanao gaboraraka sy mpanampatra fahefana foana ka tsy mahafantatra ny ampitso? Andrasan' ny vahoaka arak'izany ny fanadihadiana mahakasika ireo haino amanjery nisokatra tao anatin'ny sivy taona lasa izay. Efa zava-dehibe aloha ny fisokafan'ny MBS satria afaka maneho hevitra amin'izay ny ankolafy Ravalomanana. Ny televiziona sisa andrasana afaka fotoana fohy. Efa nilaza ihany koa ny minisitra vaovao Riana Andriamandavy VII fa hanaja ny lalàna sy ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety eto amintsika, ka antenaina fa ho hita amin'izay ny marina rehetra tao anatin'izay sivy taona gaboraraka teto izay.

***Rajo***

Ministra Rahantasoa Lydia

## Nanolotra fanomezana ho an'ireo mpiasa noho ny fetim-pirenena

Vita soa amantsara ny kianja filalaovam-baolina ao Manjakandriana renivohitra. Fiaraha-miasa teo amin'ny mpiara-miombon'antoka izy io ka nitokana izany tany antoerana ny zoma lasa teo, ny teo anivon'ny minisiteran'ny tanora sy ny fanatanjahantena, sy ny minisitry ny fampianarana teknika sy fanofanana arak'asa, Rahantasoa Lydia. Afa-pahasahiranana ireo tanora tia fanatanjahantena, indrindra ireo mpianatra manao fanadinana ara-panatanjahantena noho ny fahavitan'ity kianja nohavaozina ity. Tsimialonjafy ny kianja raha ny fanazavana teny an-toerana fa misokatra ho an'ny rehetra rehefa voahaja ny fifanarahana, ary voahaja ny fikojakojana ny fotodrafitrasa. Taorian'ny fitokanana ity kianja ity dia tonga nanolotra fanomezana toy ny vary, menaka ary solom-pen'akoho ho an'ireo mpiasa 400 eo anivon'ny minisiteran'ny fampianarana teknika sy fanofanana arak'asa tamin'ny alàlan'ny asa sosialy eo anivon'ny minisitera, ny minisitra Rahantasoa Lydia. Nambarany tamin' izany fa tsy manadino ny mpiasa ny tenany, indrindra amin'izao fetin'ny fahaleovantenam-pirenen a izao, ka izay no antony nitondrany izay voatsirambin'ny tànana ho fanampiana sy fiarahana amin'ireo mpiasa tsy ankanavaka. Nitso-drano azy ihany koa ny minisitra mba hahavita be sy hitondra filaminana sy fampandrosoana hatrany eo anivon'ity minisitera ity. Nambarany fa mitohy ny asa ary tsy maintsy tratra ny tanjona amin'ny ankapobeny ka nitondrany fanentanana ho an'ireo mpiasa tsy ankanavaka. Nanolotra fisaorana ho azy kosa ireo mpiasa satria sambany vao nisy minisitra tsy nanadino ireto mpiasa ireto hatramin'izay.

***Rajo***

Asan-dahalo

## Nirefodrefotra indray ny basy tany Ikalamavony

Nirefodrefotra indray ny basy tamin'ny alin'ny 26 jona 2018 tao amin'ny Quartier-n'Ampisikinana, tampon-tanànan'Ikalamavony. Nanafika ny dahalo nirongo basy mahery vaika nandrava ny ombin'i Sefo Fred izay CB-n'Ikalamavony teo aloha, saingy efa misotro ronono izy ankehitriny. Lasan'ireo dahalo nanafika tamin'ny alina ity ny omby miisa 08 teo ho eo ary tsy lasa lavitra dia tratran'ireo fokonolona sy ny mpitandro filaminana ihany. Tafaverina ny omby miisa 06 fa ny roa kosa tsy mbola hita hatreto. Hatramin'izay nandravan'ny dahalo izay dia tsy mbola nisy omby tafaverina raha tsy ity ombin'ny CB-n'Ikalamavony teo aloha ity. Misitery hoy ny fokonolona nanaradia, satria atahoran'ny dahalo ny ombin'ny Sefo fa na izany aza isaoran'izy ireo ny fiaraha-miasa ny fokonolona sy ny mpitandro filaminana. Raha tsiahivina dia somary nangingina ny resaka asan-dahalo ho an'ny Commune Ikalamavony tao anatin'ny 02 herinandro teo raha tsy vao ity tranga tamin'ny alin'ny 26 jona 2018 tamin'ny alina ity indray. Efa misy ny ezaka ataon'ireo mpitandro filaminana saingy ny ratsy tsy kely làlana. Raha atao indray mijery ohatra mahakasika ireo kaominina tena mbola mangotraka amin'ny resaka asan-dahalo ho an'ny distrikan'Ikalamavony amin'izao dia ny Kaominina Mangidy sy Kaominina Fitampito f 'efa mba somary milamindamin-dratsy ny Kaominina Ikalamavony. Ny tena lesoka aloha dia ny tsy fahampian'ireo mpitandro filaminana, izay misahana ny Kaominina miisa 08 mandrafitra ity distrikan'Ikalamavony ity. Eo koa ireo efa tokony hafindra toerana fa efa tena manahirana sy mampiahiahy ny fokonolona ny endriky ny fiaraha-miasa amin'izy ireo.

***Ny Valosoa***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Manakara : nirodana ny lampihazon'ny 26 jona, mbola ho avy ny an'ny ambonimbony



**Hobinandrianina Rafenomanjaka :** Mb zava doza aiky ty, mbola ho avy ny hirodanan'ny an'ny ambonimbony, firodanan'ny fitondrana mpampiesona mihitsy.

**Arondahy Faneva :** Aza mba tia seza io loatra fa ela ny ela dà ho folaky ny lakile Koa vé ......eh mirary fahasalamana ho anareo any an-toerana aby.

**Ysoul Tav Alah Suprême :** Zany ny porofo f ef tsy hoel de hisy firodanana tsy ampoizina eto amitsika .MASINA NY TANINDRAZANA.

**Arselino Asthony Herninrhodas :** Masina loatra io toerana io ka sady tsy tia ratsy no tsy tia fihatsarambelatsihy dia izao ny vokany.

**David Livingstone :** Mahereza e, arahabaina tsy nisy maty na naratra.

**Gostaslas Stanste :** Masina ny tanindrazana mitohy ny tolona.

**Fetraniaina Rajerison :** izao no tena tonga amin'ny fitenenana hoe niongana??

**Arsene John Bryane :** La iao t@ toerany manampahefana dia nanao fialatsiny @ razana @ tany masina eo am manoloana ny vahoaka marobe teo fa misy zavatra ratsy nataoko ka tokony ifonako @ mpiray tanindrazana!

**Arondahy Faneva :** Marina izany resakao izany, mety misy zava-dratsy nataon'ireo mpitondra ao Manakara.

**Saphira Alexis :** Iaho aloha misaotra an' Andriamatra @ maha kristiana da tsy azo atao ny mampitangena olo izany, fa avy da vita oazy ny tangena iny, tsy nandigny hoentina ambinagny fa vita t@ ora tsy nampoizina, ary tonga da teo imasony vahoaka maro.

**Olga Raveloarisoa :** Anay aby zany rooo.

*TONONKALO*

### HO ANAREO MPITSARA SIVY

Mandry ve ny sainareo ry izy sivy nantenaina ?
Toa tsy nandrenesam-peo ka mahakivikivy saina !
Tsy nampoizina ny didy sy ny tianareo hampiharina .
Moa `nareo efa voavidy ka nandao ny lala-marina ?

Moa mahery ny devoly dia nandroso fahalovana ?
Misy indray ny kolikoly dia ny ratsy no narovana ?
Valaketraka ny maro , be no maina sady reraka.
Moa `nareo tsy mahatsiaro ho tompon`antoka tanteraka ?

N'inona n'inona hambara , tsy milamina ny tany.
Koa mihevera ry mpitsara , misy andraikitrao izany .
Raha ianao natao hanirina no hampivandravandra indray,
Dia mandehana re mimpirina fa tsy `zay no andrasanay.

... Androany ianao mpitsara , ampitso handalo fitsarana.
Sahinay ny manambara f'io dia tsy azonao ialana.
Saino ihany izay hombana , mba tsy hisy fanenenana.
Ampiharo k`aza ovàna ny lalàna ho fanorenana.

***DADAN`i ZINA (21-06-18)***

MONDIAL 2018

# Ireo fandaharan-dalao amin'ny 1/8-dalana

Efa fantampantatra avokoa amin'izao fotoana izao ireo ekipam-pirenena hiatrika ny 1/8-dalana amin'ny Mondial 2018, andiany faha-21 izay atao any Rosia amin'izao fotoana. Ireo efa tafakatra amin' izany dingana izany dia Frantsa, Argentine, Croatie, Danemark, Uruguay, Portugal, Espagne ary Rosia. Mbola handrasana kosa ny vokatra amin'ny lalao omaly sy anion y amin'ireo ekipa 8 hafa hiatrika izany lalao 1/8-dalana izany. Ireo fandaharan-dalao efa fantatra ary amin'izao 1/8-dalana izao, izay hanomboka ny sabotsy izao:

**-Sabotsy 30 jona:**
16h Frantsa- Argentine
20h Uruguay- Portugal
**-Alahady 1 jolay:**
16h Espagne- Rosia
20h Croatie- Danemark
**-Alatsinainy 2 jolay:**
1E- 2F (voalohany vondrona E- faharoa vondrona F)
1G- 2H (voalohany vondrona G- faharoa vondrona H)
**-Talata 2 jolay :**
1F- 2E (voalohany vondrona F- faharoa vondrona E)
1H- 2G (voalohany vondrona H- faharoa vondrona G)

**Ireto kosa ireo fandaharan-dalao farany amin'ny fifanintsanana:**
Vondrona E:
**-Alarobia 27 jona:**
17h Korea Atsimo- Allemagne
17h Mexique- Suède
Vondrona F
21h Serbie- Brésil
21h Suisse- Costa Rica
**-Alakamisy 28 jona**
Vondrona H
17h Sénégal- Colombie
17h Japon- Pologne
Vondrona G
21h Angletera- Belgique
21h Panama- Tonizia

Arak'izany dia ho fantatra anio alina avokoa ireo ekipam-pirenena rehetra hiatrika ny 1/8-dalana hanomboka ny sabotsy izao io.

*Lita*

*Ireo ekipam-pirenena heverina ho tsara toerana hiakatra amin'ny 1/4-dalana.*


Frantsa


Croatie


Uruguay


Rosia

## Sakafo Ny Valosoa



**Saosisy saosy** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Saosy tongolo sy voatabia ary sakamalaho no hafangaro amin'ilay saosisy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba fampihenana vatana



Ao anatin'ny herinandro fotsiny dia lasa mihena 4 kg ny vatanao matavy raha manaraka izao torohevitra izao. Ireo zavatra ilaina : mananasy masaka tsara, voasary makirana (citron) , sakamalaho lehibe. Fikarakarana azy : alaina daholo ireo voankazo voalaza etsy ambony ireo dia sasana madio tsara avokoa. Rehefa vita izany dia tetehina miaraka amin'ny hodiny rehetra ilay mananasy sy ny voasary makirana miisa 5 ary totoina tsara na tetehina manifibe ilay sakamalaho. Vita avokoa izay dia mangàla casserole na vilany lehibe efa madio tsara ary afangaroy ao anatiny ao ireo karazam-boankazo efa voatetika ireo. Efa voafangaro tsara ao anatin'ny casserole na vilany izany dia makà rano 3 litatra ary hampangotray ambony afo mandritry ny 20 min na 25 min eo ho eo vao esorina. Rehefa hitanao fa mangotraka tsara ilay izy dia ahidina eny ambony afo ka saronana tsara amin'ny sarony mba tsy lasan-drivotra ireo tsirony. Rehefa hita fa mangatsiaka ilay rano ao anatin'ny casserole na vilany teo dia sotroy amin'ny vera, ka vera iray (1) ny maraina sy vera iray (1) ny hariva, hatao isan'andro ilay izy, tsy hajanona mihitsy raha tsy tapitra ny rano 3 litatra iny. Handramo fa ho afaka ireo tavy amin'ny vatanao. Marihina fa raha mbola tsy matavy ny vatanao nefa ianao tia sakafo matavy dia afaka misotro rano tambavy amin'io ihany koa , mba hisorohana ny fahatavezana. Tsara ho marihina fa alohan'ny hisakafo no hisotroana azy io.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Fantaro i Madagasikara

Manomboka anio dia ho fantarintsika i Madagasikara ireo tanàna maro samihafa ao aminy, amin'ny pejin'ny Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao: I Madagasikara dia mizara:
- 22 Faritra,
- 119 Distrika.
- 1693 Kaominina.
- 18251 Fokontany.
- MPONINA: eo ho eo amin'ny 25 tapitrisa ny mponina ao aminy ankehitriny, ary ny 45%-n'ireo dia latsaky ny 15 taona. 16,3 taona ny salan-taonan'ny Malagasy.
- 37,4 mponina/km2 ny hakitroka tamin'ny taona 2011.
- Fianarana: 3,3 taona monja isika no tany ampianarana (EDS 2008 - 2009).
- 20% tsy nandingana varavaran-tsekoly (EDS 2008 - 2009).
- RANO: manana rano 495 miliara m3 izay mitsinjara toy izao: 355 miliara m3 rano ambonin' ny tany ary 140 miliara m3 rano mikoriana ambanin' ny tany. 3 000 km ny renirano.
- FAMBOLENA: manana tany azo hambolena 18,6km² ho an'ny mponina 1000.
- RANOMASINA: ao amin'ny faritry ny Ranomasimbe Indiana no misy azy, izay manana velarana 74.000.000 Km² feno HAREMBE tsy hita fihafarana, amin'ny ankapobeny dia eo amin'ny 3.600 m eo no lalina indrindra amin'io Ranomasimbe Indiana io.
- 5.600 Km no refin'ny morontsiraka (morondranomasina) i Madagasikara.
- JONO: eo ho eo amin'ny 50.000 eo fotsiny anefa no isan'ireo olona manao asa fivelomana amin'ny jono nentim-paharazana, izay miparitaka amin'ny tanàna kely miisa 1250 (tsy fokontany fa tanàna kely).
- SERANAN-TSAMBO: manana seranan-tsambo miisa 17: Fort-Dauphin, Manakara, Mananjary, Toamasina, Sainte-Marie, Maroantsetra, Antalaha, Vohémar, Antsiranana, Port Saint-Louis, Nosy Be, Antsohihy, Mahajanga, Maintirano, Morondava, Morombe, Toliara. Fa 04 amin'ireo ihany no lehibe antsoina hoe «Port d'Intérêt National» dia i Antsiranana, Toliara, Mahajanga ary Toamasina.

## NY TENY FIAINANA

*Enga anie ka ho azoko izay angatahiko, ary homen'Andriamanitra ahy anie izay iriko!*
***Joba 6 : 8***

## Amosa 3: 7
# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao

*"Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny amin'ny mpaminany mpanompony."*
***Amosa 3: 7***

"Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny amin'ny mpaminany mpanompony." Amosa 3: 7
Faminaniana ambarako JEHOVAH ho an' ny Firenena ivelan' I Madagasikara. Ho anareo indrindra izay mahita izao HAFATRA izao. Aza atao ho zavatra kely, ary aza heverina ho toy ny zava-poana na ho raisina toy ny hadalana fa izao no atao hoe : FITIAVANA. Tsy toy ny fahaizana anananareo na toy ny fahalalana nokatsahinareo izao tonga eo anatrehanareo izao fa, izao no atao hoe : " ZAVA-MIAFINA". Iza no manoratra? Mpaminany! Ary IZA no nampanoratra? IZAHO JEHOVAH fa izany no ANARAKO. Fa maninona? Misy loza mitatao ny tany izay nohariako ka dia manao FANAMBARANA mivantana AHO. Rahoviana izany no ho tonga? Tsy misy mahalala fa TAMPOKA kanefa dia mila FIOMANANA sy FIAMBENANA ara-panahy. Dia inona ary izany no tokony hatao? Hoy ny fanontanianao. Hoy ny Teniko, Amosa 3: 7 "Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny amin'ny mpaminany mpanompony." Ao amin' ny mpaminany AHO no miteny sy manafatra ka anjaranao ny mino sy manaiky ary mandray. Hifarana mantsy ny fiainanareo zanak' olombelona ka tiako JEHOVAH ianareo hahalala ny làlana tokony izoranareo fa tsy handeha an-jambany na hiankina amin' ny fahalalanareo, izay hitako fa any ny fonareo no mitoetra, any ny fitiavanareo no mamahatra ary manao ny volanareo sy ny harenareo ary ny fahaizanareo ho mpanjaka ianareo. Diso izany hevitrareo sy lalanareo izany ka indro AHO JEHOVAH mampiverina anareo amin' ny FAHAMARINANA. BAIKO sy HAFATRA avy aty an-danitra izao vakianareo sy tonga eo anatrehanareo izao fa tsy avy amin' ny olombelona toa anao velively. Izay ampanoratiko dia fitaovako fotsiny ihany ka aza ankahalaina na atao ho fahavalo; Hoy ny Teniko ary marina izany. Ringana tokoa izay tsy mino ny mpaminany.



Toy izao no vakin' ny Soratra tsy hainao vakiana. Raha hainao ny mamaky io dia hainao izay ho avy.
Ho an' ny zanak' olombelona ivelan' I Madagasikara. IZAHO JEHOVAH manoratra ho anareo tsy an-kanavaka, avaratra, atsimo, andrefana sy atsinanana. Toy izao ihany no fombako tsy miova, ary amin' ny anaran' I JEOSY Zanako no anoratako ho anareo. Variana loatra ianareo ka dia miafina aminareo ny ho avy. Raha manana Baiboly ianareo dia efa voalaza ao amin' ny Matio 24 ny fiandohan' ny fahoriana ambany masoandro. Fa ireto kosa misy FAHATEZERAN' ny rivotra, rano, tany, afo ary indro fa nanomboka izany. Ny rivotra dia hihetsika mafy ary hahatratra hatrany amin' ny 300km ka hatrany amin'ny 350 km isan' ora ny hafainganam-pandehany sady hisy rivomaina tsy misy orana koa. Ny rano dia hanafotra tanàna maro, nohon' ny ora-mikija andro aman' alina, sarotra sy haharitra ka ela vao ho ritra. Ny tany dia hihorohoro sy hihetsika matetika noho ireo karazan-javatra anaty tany dia ireo karazana singa toy ny uranium, nickel, mercure, chrome, souffre, tantals (terres rares), sady maro amin' izy ireny koa no manimba ain' olona sy miteraka fiandaniana eo aminareo samy firenena. Ny afo koa dia tsy hanam-pitsaharana sady tsy fanta-pihaviana fa mandoro tanàna sy lohasaha. Indrindra koa ireo volkano izay efa mirehitra dia tsy mijanona ireny raha tsy miverina mirehitra in-telo. Ao ny afo mandoro toy ny tamin' ny andron' ny Sodoma sy Gomora. Ireo rehetra ireo dia vokatry ny FAHOTANA sy FAHAVETAVETANA ary fanoherana ny TENIKO dia ny TSODRANO nivoaka ny vavako toy ny hoe : maroa fara sy mihabetsaha ary mamenoa ny tany ka mifanajà sy mifankatiava, Genesisy 1: 28b; Ary indro noforoniko sy nomeko anareo avokoa izay mahasoa sy mahavelona anareo ary ny tena FIAINANA ka ivereno izany. Ho avy ny adin' ny tena firenen-dehibe : hifampihantsy, hifampihaika ary hifandripaka. Samy hanakatona ny sisi-taniny ny Firenena ka maro no hanjenjena sy maniry fahafatesana. Hiteraka mosary ny zava-misy. Hivadibadika ny toetr' andro, hiteraka fahaverezan-kevitra lehibe izany. Maro ny Firenena hikambana ara-barotra, ara-kevitra fa izay tsy mitovy hevitra dia hisitaka ary maro ny firenena hifampifahavalo ka samy haka ho azy. Hisy firenena ho rotiky ny ady ka ho lao izany, tsy hisy mponina intsony. Aza hadino anefa fa hisy firenena tsy ho hita popoka ao anatin' ny indray mipi-maso izy sy ny mponina ao aminy. Telo andro aizimpito ary hanimba zavatra maro koa izany amin' izay misy eny ambony sy amin' ny tany ambany ary fanovana maro ambany masoandro. Ranomasina? Mbola hiakatra hatrany amin' ny 25 metatra ny hahavony sady hiditra antanàna. Vahaolana sy fiambenana : FIBEBAHANA sy FIVERENANA ao amin' I JESOSY sy FANKATOAVANA ny TENIKO irery ihany dia hiadana ianareo. Joba 22: 21 "Mifankazara amin' ny Tsitoha ianao dia hiadana; izany no hahatongavan' ny soa aminao". Vokatry ny fahotana sy ny tsy fahalalana FAHAMARINANA avokoa ireo ka izao : hanao FIFOHAZAMPANAHY lehibe sady farany manomboka ao Madagasikara AHO, hamerenako amin' ny laoniny ny zava-drehetra rava, potika, niova. I losifera no fahavalontsika fa tsy olona akory. Mba liana ve ianareo? Misaotra anareo AHO JEHOVAH. Mifankatiava, miraisa saina, miombona hevitra amin' ny tsara fa tiako ny tany izay noforoniko fa AHY izany. Misaotra anareo izay liana ny amin' ny zava-miafina AHO. Aza matahotra fa momba anareo AHO sady tia anareo ao amin' I JESOSY. Mahereza daholo.

**Amen!**
**HALELOIA!**

(mbola hitohy)
**E-mail:** jehovahandriamanitra@gmail.com
**Facebook** : Jehovah Andriamanitra page
**Radio:**
- Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora
- Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora
- RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora - 12 ora 30min

**Gazety Ny Valosoa Vaovao** : mivoaka Talata sy Asabotsy
**JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY**

## Vondrombavaka Boriboritany 6
# Notoloran'ny ben'ny tanàna fanomezana noho ny fetim-pirenena

Tamin'ny ankatokin' ny fetim-pirenena Malagasy 26 jona teo, misy ny vondrombavaka izay efa fanao tarihan'ny Ben'ny Tanàna Lalao RAVALOMANANA, iraisan'ny Boriboritany 6 eto Antananarivo Renivohitra (CUA) . Notontosaina ny alatsinainy tolankandro teo, tetsy amin'ny Tranompokonolona isotry izany fiarahamivavaka noho ny fetim-pirenena izany, nahitana olona manodidina ny 700 isa teo. Ny antony dia mba ho fitazaina ara-panahy ireo olona ao amin'ny Boriboritany ary koa fotoam-bavaka ho an'ny firenena sy ny Kaominina Antananarivo Renivohitra noho ny Asaramanitra ny fetim-pirenena. Nisy ny firariantsoa nataon'ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana ho an'ny olona rehetra tamin'ny ankatoky ny fetim-pirenena ary nisy ny fizarana baiboly sy vary 5 kilao avy isaky ny olona, mba ho mariky ny fiaraha- mifety. Mbola hitohy hatrany ny fampianarana ara-panahy eny amin'ny Boriboritany hoy ny Ben'ny Tanàna Lalao RAVALOMANANA, tsy afa-misaraka amin'ny fampandrosoana ny olona ny ara-panahy hoy izy.



*Ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana niatrika ny fotoam-bavaka tetsy amin'ny Tranompokonolona Isotry ny 25 jona teo.*

***Helisoa***

## Boriboritany faha-V (CUA)
# Nizarana fanomezana ho an' ireo mpiasa noho ny fetim-pirenena

Nohon'ny fahatongavan' ny asaramanitra, izay ahatsiarovana ny fiverenan'ny fahaleovantenan'ny firenena Malagasy sy ho fankasitrahana ireo mpiasa eo anivon'ny Boriboritany fahadimy amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Nisy ny fizaràna vary 4kg sy biscuits 4 fonosana ho an'ireo mpiasa tsirariray ny 25 jona 2018 teo. Samy nahazo ny anjarany avokoa ireo mpiasa rehetra tamin' izany. Na ny miasa anaty birao na ireo mpanadio ny tànana ary tsy adino ihany koa ireo mpitantsoratra sy mpitahiry vola eny anivon'ireo fokontany 27 iadidin'ny Boriboritany fahadimy. Marihina fa vokatry ny ezaka manokan'ny Boriboritany fahadimy no nahafana nanatanteraka izao hetsika izao. Nandritra iza-ny dia tsy adinon' An- driamatoa RAKOTO Emmanuel Richard, delegen'ity Boriboritany ity ny nitondra ny teny firarian-tsoa avy amin-dRamatoa Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana ho an'ireo mpiasa, ka mba samy hanao fety sambatra avokoa ny rehetra.



*Ny fizarana fanomezana avy amin'ny Boriboritany faha-V tetsy Ambatomaity.*

***Aly***

## Sendikan'ny mpampianatra
# Mitohy ny tolona mandra-pivalin'ireo fitakiana

Ny sendikan'ireo mpampianatra sy ireo mpampianatra ao amin'ny minisiteran'ny fanabeazam-pirenena dia manamafy fa mitohy ny tolona mandra-pivalin'ny fitakian'izy ireo. Mazava ny velirano sy fanamby ary lokaloka izay nifanaovantsika hoy ny fanambarana. Farafaharatsiny tanterahina ireo izay efa nifanarahan'ny fanjakana tamitsika tamin'ny fitakiana tamin'ny taona 2016, ho fohy ezaka dia ny indemnité spéciale pour le personel du MEN: 100000 Ar, reclassement cat 4 sy 3 sortant Crinfp, recrutement 6000 haverina amin'ny ministera, fijerena ireo 55 taona Fram tsy afaka ho recruténa intsony, bonification Fram ho fanamaivanana ny contrat, remboursement- na frais médicaux sy prise en charge eny amin'ny Dren 22, fampiakarana ny subvention. Izay vao misy fiverenana an-dakilasy hoy ihany ny fanambarana. Ny vacation sy ny subvention dia trosa tsy voaloa ka rariny raha aloa. Raha tsorina dia mbola tsisy mangirana na dia kely aza ny fangatahatsika. Nanambaraa' Andriamatoa Ministry ny fanabeazana fa mbola mifampidinika ireo teknisiana amin'ny fitadiavana vaha olana. Noho izany, miandry isika. Mitohy ny fitokonana hatramin'izay hisian'ny vahaolana hifanarahana mazava. Aoka hotazonina ny firaisankinantsika. Misy ny fahavalo izay mpandrava koa aoka samy hitandrina. Ny valin-teny mikasika ny hisiana taona fotsy na tsia eto amin'ny firenena dia ny fitondram-panjakana no tokony hamaly azy satria miankina amin'izy ireo ny hirosoana amin' ny fianarana na tsia. Alao hery hoy ireo mpampianatra fa fotoana izao hivondronantsika hamerenana ny hasintsika. Tsy mba manana fitaovam-piadiana toy ny basy isika, tadidio anefa fa mety hanana fitaovana mahery vaika nohon'ny basy isika raha haintsika ny mampiasa azy. "Masina ny tanindrazana rehefa masina ny fanabeazana ka omena hasina ny mpanabe".

***Nangonin'Isambilo***

AMBATOBE, AMPANDRIANOMBY, AMPASAMPITO

# Nandoko ny arabe sy ny sisin-dalana ny CUA

Ho fandrindrana ny fifamezivezen'ny mpandeha an-tongotra sy ireo fiara eto Antananarivo Renivohitra dia notanterahina nanomboka ny faran'ny volana Mey ka hatramin'ity volana jiona ity ny « marquage au sol », na ny fandokoana ny arabe sy ny sisin-dalana nataon' ny Sampan-draharaha misahana ny fitaterana sy ny fifamezivezena eto an-drenivohitra, na ny DTMU (Direction des Transports et de la Mobilité Urbaine ), eo anivon' ny fiadidina ny tanànan'Antananarivo (CUA). Teny Ambatobe no nanombohana ny asa, vokatry ny fiaraha-miasa tamin'ny Lycée Français. Nasiana « passage piéton » ho fiarovana ny mpianatra tsy afaka ma-ndeha amin'ny trottoir intsony nohon'ny fisian' ireo fiara miantsona eny amin'ny sisin'ny



*Loko amin'ny arabe mazava tsara nataon'ny CUA teny amin'ny Boriboritany faha-V.*

arabe, ary nisy ihany koa ny fametrahana « plot » sy « panneau de signalisation » mba hahafahan'ireo mpianatra miampita ny arabe. Ho an'ny teny Ampandrianomby kosa dia sady nasiana « passage piéton » no nasiana « limitateur de vitesse » mba hahafahan'ireo fiara mandeha mora. Ny « marquage au sol » teny Ampasampito kosa indray dia nohon' ny fisian'ny tetik'asa fanamboarana ny tetezana eny Antsakaviro izay misy rano miakatra matetika. Izy ity dia vokatry ny fiaraha- miasan'ny Kaominina amin' ny PIAA (Pro- gramme Intégré d'Assainissement d'Antananarivo), sy ny AFD (Agence Française de Développement) ary ho tanterahina ny volana Jolay sy Aogositra. Hisy araka izany ny fandaminana ny lalan'ireo fiara miain-ga eo amin'ny Route circulaire – Besarety – Avaradoha ary Mahazo, hanjary lalana hahafahan'ny fiara 2 hifamezivezy araka izany ny lalana eny Ampasampito. Ho tohin'izay asa rehetra izay dia hiara- hientana ny Boriboritany fahadimy, ny Polisy Monisipaly ary ny DTMU. Araka izany dia manentana ireo mpivarotra mba hanaiky ny fandaminana tanterahin'ny Kaominina. Izao hetsika rehetra izao dia ho fanatanterahana ny vinan-dRamatoa Ben'ny tanà- na, Lalao Ravalomanana, amin'ny fandrindrana sy famerena- na ny trottoir ho an'ny mpandeha an-tongotra ary ny arabe ho an'ny fiara.

***Aly***

Ambatondrazaka

# Nohatsaraina ny vaton-dRazaka

Ny vaton-dRazaka no maha Ambatondrazaka an' Ambatondrazaka hoy ny Ben'ny tanàna Rafidimanana Louis Felicité, ka rariny sy hitsiny raha omena ny toerana sahaza azy satria mirakitra ny tantaran-drazana iza-ny. Nasiam-panatsarana araka izany ity vato lehibe mirakitra ny tantaran' Ambatondrazaka ity, izay eo amin'ny "La Pla-ce" no misy azy. Ny fikambanana "Malagasy Youth for Development" no niaraka nisalahy tamin'ny kaominina tamin' ny fanatsarana izany hoy hatrany ny Ben'ny tanà-na, izay nisaorany manokana ity fikambanan' ny tanora ity nanaiky ny hifanampy tamin'izy ireo. Azo hambara fa sambany tao anatin'ny tantaran'ny kaominina Amba- tondrazaka renivohitra no nisy fanamboarana sy fanomezan-danja tahaka izao ity vakoka iray lehibe aty Alaotra ity. Ny faha-25 jona lasa teo no natao ny lanonam-pitokanana azy io niaraka tamin'ny fanolo-ran'ny fikambanana "Malagasy Youth for Development" ny kaominina Ambatondrazaka renivohitra. Na-mpiaka-tra ny hambom- pon'ireo ray aman-dreny avy aty Ambatondrazaka izao hetsika nataon'ny kaominina izao ka nahatonga azy ireo ho vory marobe tokoa niatrika ny lanonam-pitokanana ary namoha indray ny tantaran' Ambatondrazaka. Nomarihin'izy ireo manokana fa "Antsiradava" no anarana nentin'ny tanànan' Ambatondrazaka tany aloha tany fa noho ny tantara tsy azo kosehina no nahatonga-vana tamin'izao anarana izao. Nisaoran'izy ireo manokana ny Ben'ny tanàna Rafidimanana Louis Felicité izay nahatsiaro fa miankina amin'ny fahafantarana ny tantara sy ny mombamomba ny faritra iray no ahafahana mampandroso azy ary dia izao novelomina izao ny tantaran'ny vaton-dRazaka mba ahafahan' ny taranaka mifandimby mahafantatra fa niainga avy eo ny anaran-tanà-na onenany.

***Raoul***

Mpivady tsy niteraka

# Hisaraka fa momba ramatoa

Saika hisaraka izy roa ireto no nisy nahafantatra an'i Jessica tampoka ka tsy maintsy nanatona teny aminy rehefa nahafantatra ny nomeraony **03387 395 41** eny Mandrosoa Ivato. Toy izao no fandehan'ny tantara : vita mariazy izy roa ireto . Tao anatin'ny telo taona anefa dia tsy nety nitoe-jaza mihitsy ilay kalakely na dia efa nanatona mpitsabo sy mpampivelona aza. Raha ny filazan'izy ireo dia hoe momba tsy miteraka hono izy ka izay no tsy ahazoany zaza. Teo no nahataitra an'ilay rangahy vadiny ka saika hisaraka taminy satria zanak'olona maro anaka ny avy aminy nefa dia tsy hiteraka tsy hahazo zaza mpandimby akory. Novoriana ny fianakavian'izy mivady ka teo vao tapa-kevitra fa hisaraka ary hozaraina ny fananana. Tao anatin'ny fianakaviana anefa no nisy hevitra nitsiry ka aleo aloha manatona eny amin'io mpitsabo io hoy izy sao mba hivaha ihany ny olana. Rava teo aloha ny fihaonana fa hiandry valiny. Ny ampitso dia nentin'ny reniny teny amin'ity mpitsabo ity ilay tovovavy. Vao noraisin'ilay mpitsabo anefa dia nambarany fa zavatra hafa ity fa tsy momba izany ianao. Notrorin'i Jessica tamin'ny menaka manokana aloha ny kibon'ilay tovovavy ary nampisotroiny rano manokana ihany koa. Vao nody anefa ilay tovovavy dia nilaza fa narary kibo ary nivalana zavatra hafahafa izany. Nanomboka teo dia nihena ny fivontosana tamin'ny kibony ary nalemy avy eo. Niverina in-telo teny amin'ity mpitsabo ity izy ka tapa-bolana taorian'izay dia nitoe-jaza rehefa nohamarinina teny amin'ny mpampivelona. Afaka sivy volana dia teraka soa amantsara ilay tovovavy. Teo vao niravona ny olana teo amin'ny fianakaviana roa tonta ireto satria teraka soa amantsara ilay tovovavy. Nivady soa amantsara ihany izy roa ary milamina ny tokantranony ankehitriny rehefa voakarakaran'i Jessica mpitsabo eny Mandrosoa Ivato.

***Ny Akama***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy sy ny rehetra mety hiantefany. Momba ireto agents de sûretés ao amin'ny aéroport Ivato ireto, sy ny fangalarana entan'ny mpandeha ataony. Ireo agents de sûreté eo amin'ny aéroport Ivato no resaka eto. Nisy mpandeha niaraka taminay niditra farany tao anaty fiaramanidina somary sempotsempotra. Nitaraina izy hoe notazonin'ireo mpiasa tao an-tseranana hono ny sac à dos-ny misy ordinateur, téléphones, akanjo, chargeur sady nakàn'izy ireo 20000ar. Ny fanazavana nomen'ireo mpiasa hono dia hoe misy excédent ny entany sady ordinateur iray ihany no azony entina fa mandoa vola dia afaka entiny ilay faharoa, ary misy excédent ny entany ka tsy azony entina. Rehefa nohadihadianay tsara ilay mpandeha dia hay ireo agents de sûreté no lazainy, ary mbola nitantara izy hoe talohan'ny hiditra tao amin'ny salle d'enregistrement dia efa nisy vehivavy nitaky 40000 ar taminy. Nampitainay tamin'ny commandant de bord ilay resaka ka nampiantso agent d'escale MD hitondra an'ilay mpandeha hitaky ny entana, ary nisy mpandeha anankiray nanaraka azy ireo koa. Ary dia tafaverina tsara ilay entana. Izao no mba tiako hampitaina aminareo mpandeha: ny fandoavana ireo excédents de bagages dia tokony ho eny amin'ny comptoir-n'ireo compagnies ihany ary tokony hahazo taratasy avy ery amin'ny comptoir d'enregistrement sy facture avy nandoavana ny vola. Ireo agents any ivelan'ny salle misy ny scan dia tsy manana alalana hisava ny entan'ny mpandeha mihitsy fa tokony efa nandalo scan fa afaka misava izy ireo. Efa misy ireo entana voalaza fa tsy azo entina ao anaty fiaramanidina ka rehefa ankoatr'ireo dia aza manaiky. Ianareo agents de sûretés ireo, tohizo ihany ny hadalanareo raha te ho very asa amin'izao fotoan-tsarotra izao ianareo. Aza mba hararaotina ny tsy fahaizan'ireo mpandehanay.

ary minoa ahy fa tsy ho vitavita ho azy iny nitranga iny. Ny olona hanankinana fiainan'olona indray no mangalatra! manafintohana!

***Roger Andrianaivosoa***
***Ivato, distrikan'Ambohidratrimo***

Tratry ny mosavin'angatra kokolampy

# Rava harena sy saika maty ilay ramatoa

Ela ny ela, salama tsara sy manana ny ampy izy mianakavy ireto. Rangahy miasa sy mampidi-bola tsara, ramatoa koa torak'izany satria sady miasa no milamin-tsaina tsara ihany koa. Tsy nisy nahaory azy mianakavy satria ny zaza mianatra tsara, ny fiainana milamina tsy misy kianina ary izy mila vonjy sy mitady fanampiana amin'izy roa dia mahazo avokoa. Tsy misy atahorana sady tsy misy ahiana amin'ny ankapobeny ny fiainan'izy mianakavy. Taona maro no niadanan'izy mianakavy ireto. Tampoka teo anefa dia nanjary narary ramatoa ary tsy nety sitrana ny aretina efa nitetezana mpitsabo, dokotera sns… fa ny vola foana no lany fa tsy nahita mangirana mihitsy. Very hevitra rangahy ka tsy maintsy nitady hevitra ka ny nomeraon'i Madame Noelah **03313 090 13** sy ny **03461 328 62** mpitsabo eny amin'ny 67 Ha atsimo no azo antso ka teo vao nivaha ny olana.

### Angatra kokolampy no nahazo ilay ramatoa

Vao nihaona tamin'ity mpitsabo ity ilay rangahy dia izao no valiny: tratry ny mosavina kokolampy ny vadinao hoy ity mpitsabo ity , ary tsy ho sitrana io raha tsy voakarakara haingana. Ny ainao mihitsy no atahorana hoy ilay mpitsabo fa aleo karakaraina haingana izy. Vavaka aloha no nanombohana ny fihaonana, avy eo dia nisy fanefitra nomen'ity mpitsabo ity an'ilay rangahy ary nasaina nosotroiny sy nahosotra tamin'ny vatany. Izay fady atoroko hoy ilay mpitsabo dia tsy maintsy tanterahinareo raha te-ho salama sy hiverina amin'ny laoniny ny fahasalamany. Vao notanterahina tokoa anefa izay voalazan'ilay mpitsabo dia adin'ny roa monja dia niova ny fahasalamany satria sady nanjary naharesaka sy nahinan-kanina izy no nilaza fa tsy toy ny taloha intsony ny fahasalamany fa sitrana. Mbola nandrasana roa andro aloha ny fahasitranan'ity ramatoa ity kanjo telo andro taorian'izay dia nilaza izy fa sitrana ary tsy misy atahorana intsony ny fahasalamany. Salama tsara izy ankehitriny ary tsy misy atahorana intsony ny ainy izay efa saika nafoy noho ny mosavina kokolampy nataon'ny tsimataho-tody mpiray tanàna taminy ihany. Efa miverina ihany koa ireo harena rava saika hitsaboana ity ramatoa ity. Miaiky izy mivady fa saika nafoy tokoa ny aina raha tsy nokarakarain'i Madame Noelah mpitsabo mahay sy malaza eny amin'ny 67 Ha atsimo. Taorian'izay dia maro ireo manana olana sy aretina sarotra sitranina no tonga teny aminy ary sitrana sy niverina amin'ny laoniny ny fahasalamany rehefa voakarakara.

***Ny Akama***

La Place Ambatondrazaka

# Lasa ataon'ny mpianatra sasany fampiarahana amin'ny hariva

Mampanontany tena ny mpandalo mihitsy ny mahita ireo ankizy izay tokony hamonjy ny toerana fanaovana ny fianarana fanampiny rehefa hariva, izay mivory marobe eo amin' ny "La Place" Ambatondrazaka mampiaraka. Very ny ray aman-dreny izay manantena fa any an-tsekoly ny zanany mianatra kanefa ilaozan'izy ireo mandany fotoana amin-javatra hafa. Ny tena mahavariana dia misy olon-dehibe mihitsy tonga manadala zaza tsy ampy taona eo amin'io toerana io. Raha ny nambaran'ny mponina manodidina dia efa elaela ihany no nisian'izany teo amin'io toerana io isaky ny hariva ary mbola nihoatra lavitra noho ny hita amin'izao fotoana izao aza ny tamin'ny fotoana nisian'ny fitrandrahana taty Ambatondrazaka. Manentana ny rehetra araka izany ireo mponina manodidina indrindra ireo ray amandreny mba hanara-maso ny zanany, mba tsy hisian'ny fanenenana any ao- riana satria tsapa fa vola be tokoa no lany amin'ny fampianaran-janaka amin'izao fotoana izao. Raha ny zava- misy aloha, betsaka ny ray aman-dreny no lasa nampiditra ny zanany hanao ireny fampianarana fanampiny ireny noho ny fitokonana ataon'ny mpanabe.

***Raoul***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny Filoha Marc Ravalomanana sy Ramatoa Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana niatrika ny fankalazana ny fetim-pirenena ny 26 jona teo tetsy Mahamasina













Ny fankalazana ny fetim-pirenena nataon'ny Foko TIM Ambatomaro, boriborintany faha-5.



